# ALAHADY FAHA-2  MANDAVANTAONA D 2025



**« Naneho ny voninahiny Izy ka nino Azy ny mpianany » (Jo. 2: 11)**

Ry Kristianina havana, nofaranantsika tamin’ny Alahady lasa teo tamin’ny fankalazana ny batemin’ny Tompo ny vanimpotoanan’ny noely. Batemin’I Jesoa izay manambara ihany koa fa ny batemintsika tsy batemy fibebahana fotsiny fa batemy mampiditra antsika ho zanak’Andriamanitra ka mahatonga antsika ho Fianakaviam-ben’Andriamanitra, Olo Araiky isika jiaby. Rehefa zanany isika dia mivelona araka ny mahazanak’Andriamanitra izany sy mandray an-tànana ka mankalaza ny voninahitr’Andriamanitra amin’ny mahazanany antsika sy mizara ilay famonjena nomeny antsika amin’ireo manodidina antsika ka mampiditra antsika amin’ny fiainana andavanandro. Izany no banjinintsika amin’izao Alahady faharoa mandavantaona izao, mampiditra antsika amin’ny fiainana andavanandro ary ny fiainan’I Jesoa no zary fiainantsika amin’ny andavanandro. Androany ny lohahevitra“Ny hahasambatra antsika no sitrak’Andriamanitra” dia manasa antsika hiaina izany rehetra izany miaraka amin’Andriamanitra satria eo anivontsika I Jesoa. Miara-dàlana amintsika izy ka fantany ireo hetahetam-pontsika. Ho tanteraka izany raha miombona aminy isika izay no mahatonga antsika matetika milaza fa raha manao ny asan’Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika ary ho lavorary kokoa satria lavorary izy. Aoka àry isika hahay hanararaotra ireo herinandro fito izay mampisaraka antsika amin’ny Karemy, hanamafy ny finoantsika, hanokana fotoana hivelona indray ireo fiovam-penitra mahery vaika entin’ny hafatr’i Kristy ka manaiky ho hahavaozin’ny antson’i Jesoa.

**VakitenyI :Iz. 62, 1-5**
**Tononkira :** Salamo 95
**VakitenyII :** 1 Kôr. 12, 4-11
**Evanjely :** Jo. 2, 1-12

Ny mahadiso antsika matetika dia mieritreritra mahavita tena samirery, mieritreritra fa lavitra Andriamanitra ka mikofokofoka irery, farany efa tsy mahita hevitra dia mitady Andriamanin-kafa isika ka lavo amin’ny zavatra tsy mety ka vao mainka mikorontana ny fiainantsika.

Ry Kristianina Havana, raha tiantsika ho génération mpanorina tokoa isika, hanarina ireo tontolo maro samihafa potika dia ny tontolo iainantsika, ny tontolom-piainantsika, ny tontolon’ny finoana izay

potika daholo dia tsarovy fa amin'ny fanatanterahana ny sitrak'Andriamanitra ihany no hahavonjy antsika.

Miditra amin'ny fiainana andavanandro tokoa I Jesoa, hitantsika izany amin'ny Evanjely androany tamin'ny fampakaram-bady tany Kana, tany Galilea. Nanatrika izany fampakaram-bady izany i Jesoa sy ireo mpianany, sahirana ireo mpampakatra tamin'izany satria lany izay rehetra nomanina tamin'ny fikarakarana, lany ny divay. Azo lazaina fa tandindon'ny fiainantsika izay voalaza eto. Impiry tokoa moa isika no miatrika toe-javatra ohatr'io mitranga tany Kana Galilea.

Mitovy amin'izany koa maro ny zavatra tsy feno sy zavatra lany eo amin'ny fiainantsika ka sahirana isika. Maro ny zavatra mifamahofaho eo amin'ny fiainantsika nefa tsarovy fa eo anivontsika I Jesoa ary eo anivontsika koa i Maria ilay Reny mikarakara sy mikolokolo ka mahita sy mahalala izay manjo antsika. Manatona an'i Masina Maria isika fa izy afaka mampita amin'I Jesoa zanany ny hetahetam-pontsika te-hahazo famonjena avy aminy.

Nilaza I Masina Maria fa tsy manan-divay intsony izy ireo ka novalian'i Jesoa hoe *"Izaho sy ianao moa no ahoana amin'izany, ravehivavy? Tsy mbola tonga ny fotoako"*. Efa eo anivontsika I Jesoa, efa nandresy ny fahafatesana izy, aza misalasala mandray ny sakramentan'ny fampihavanana, ny sakramentan'ny Eokaristia "Ataovy izao ho fahatsiarovana ahy". Nilaza izany tokoa I Maria tamin'ireo mpianatra na"Ataovy izay rehetra holazany aminareo".

Ny fanantanterahantsika ny sitrak'Andriamanitra no hanova ny fiainantsika ho tsara. Ilay divay voalaza fa tsara ao amin'ny Evanjely dia tandindon'ny fiainantsika ho tsara raha miova ka miaraka amin'Andriamanitra ny fiainantsika, raha manao ny asan'Andriamanitra isika. Matetika isika tsy manao ny asan'Andriamanitra fa ny an'izao tontolo izao ka mikoroso fahana ny fiainantsika.

Inona ny nataon'ireo mpianatra ? Nameno ny siny enina izy ireo, tandindon'ny fiainantsika ny famenoana ny siny. *"Ary nisy siny vato enina teo, fidiovana araka ny fanaon'ny Jody, nahalany rano indroa na intelon'ny famarana avy, ka hoy i Jesoa tamin'izy ireo: "Fenoy rano ireo siny ireo*" Mino aho fa mbola samy mahatadidy ireo sajoa saota nanentanantsika teo am-panomanana ny Filankevitra Pastôraly. Tsy lany andro iny famenoana sajoa saota iny fa indrindra amin'izao ezaka ataontsika amin'ny fanatanterahana ny Sinaody faha-7 fijanonana faha-3 izao ary ao anatin'izao taon-jobily izao ka hirosoantsika ho tonga Mpivahinin'ny Fanantenana Tabernakla Velona mamafy hafaliana, fiadanana, fihavanana sady kristianina no Malagasy hanasitrana izao tontolo izao izay tena marary tokoa…Mino aho fa mbola an-tsaintsika ireo siny 6, sajoa saota tsy maintsy fenoina : VAVAKA, FANDALINAM-PINOANA, FANOMPOANA, FANDRAISANA AN-TANANA, FIVORIANA, FANKALAZANA…

Aoka àry ireny hakamoana ao amintsika ireny mba hovan'i Jesoa fahazotoana.
Torak'izany koa"Ialao ny fitiavan-tena ka fenoy fahafoizana",
"Ialao ny lainga ka fenoy fahamarinana",
"Ialao ny tsy fitiavam-bavaka ka fenoy fitiavam-bavaka",

"Ialao ireny maikamaika ireny fa fenoy faharetana", "Ialao ny fahatahorana fa soloy fahasahiana". izany no hampiova ny fiainantsika, fenoy fahazotoana, faharetana, fahasahiana, fitiavam-bavaka, fahamarinana, fenoy ireny toe-panahy tsara ireny ny fiainantsika dia hiova ny fiainantsika. Izany no mahatonga ny Eglizy amin'izao fanombohana ny vanim-potoana mandavantaona izao taorian'ny

fankalazana ny vaninandron'ny Noely mametraka an'io evanjely io. Tsarovy fa ny famantarana voalohany tany Kanà no nanehoan'I Jesoa ny voninahiny ary nino ny mpianatra.

Ny finoana izay halalinintsika no dikan'ny siny enina io. Katolika aho ka halaliniko izay inoako. Fenoiko siny enina izany finoako izany fa tsy mipetrapetraka fotsiny aho: raisiko an-tànana sy iainako izay inoako. Ankalazaiko izay inoako, tsy vitan'ny mandalina fotsiny aho fa mankalaza ny litorjia ary zaraiko izany finoako izany, ary farany hànana ny faharetana amin'izany finoako izany aho satria io no hitondra ahy amin'nyfamonjena.

Tsy hoe hireharehana izany fa atao amim-panentren-tena, izany indrindra no ampianarin'I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa "*Samy omena ny fanomezana maneho ny Fanahy izy tsirairay avy, mba hahasoa ny be sy ny maro. Fa ny anankiray omen'ny Fanahy teny fahendrena, ny anankiray teny fahalalana, araka io Fanahy io ihany; ny anankiray finoana, araka io Fanahy io ihany; ny anankiray fahazoa-manasitrana, mbola avy amin'io Fanahy io ihany koa; ny anankiray, ny manao fahagagana; ny anankiray, ny maminany; ny anankiray, ny mahafantatra ny fanahy samihafa; ny anankiray, ny miteny fiteny samihafa, ary ny anankiray, ny mandika teny. Fanahy iray ihany anefa no manao izany rehetra izany, sy mizarazara azy amin'ny isan'olona, araka ny sitra-pony".* Samy nomena fahasoavana maneho ny Fanahy ny tsirairay avy ka amin'izay afaka mifameno sy mifanasoa hanasoavana ny be sy ny maro. Ireny fanomezan'ny Fanahy masina ireny, ireo no talenta ao amintsika ireny. Izany no ampianarin'I Jesoa ao amin'ny Evanjely, fenoy ny siny ary zarao" fenoy ny talenta nomen'Andriamanitra antsika ka zaraintsika amin'ny mpiara-belona. Rehefa mifampizara isika, raha mifanasoa isika ho sambatra, araka ny voalazan'Izaia mpaminany" *satria tokana ny tadiavin'Andriamanitra dia ny hahasambatra antsika*". Ny lahatr'Andriamanitra dia ny fiadanana sy hahasoa antsika ka aoka àry isika hiombona Aminy tokoa indrindra hanatanteraka ny sitrak'Andriamanitra araky ny voalazan'I Masina Maria amin'ireo mpianatra "Aoka isika hanao izay lazain'ny Tompo amintsika". Izany hoe raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia hiova tanteraka ny fiainantsika. Tsy isika tokoa fa ny fahasoavan'Andriamanitra miaraka amintsika no entintsika mameno ireny sajoa maro potika sy foana eo amin'ny fiainantsika, eo amin'ny fiainam-pianakaviana, eo anivon'ny fiaraha-monina fa indrindra eo amin'ny firenena ireny.

Ry Jesoa Kristy ô, amin'izao fahatsiarovana ny famantarana lehibe voalohany nataonao tao Kanà izao sy ny fangatahan'ilay reninao sady reninay be fitiavana izay tsy mitsahatra mikolokolo sy mahasoa anay, ampio izahay hahay hanatanteraka izay voalazanao aminay tahaka an'i Masina Maria reninao.

Ampio izahay mba hahay hitsimbina ireo manodidina anay, hahay hameno ny sinim-piainanay, ny sinin'ny faharetana, fahazotoana, fahamarinana, fandraisana an-tànana, ny fizarana ny finoana, ny fitiavam-bavaka ka amin'izay dia ho sambatra tokoa izahay ao aminao ary dia ho tanteraka tokoa ny maha génération mpanorina anay ka ho Eglizy Olona Velona eo anivon'ny mpiara-belona izahay. Noho izahay EOV dia ho vonona mandrakariva hizara ny vaovao mahafaly amin'ny mpiara-belona aminay ka hanorina ny Eglizy Tranon'Andriamanitra eo amin'ny fiainanay. Tahio ny fianakavianay mba ho fianakaviana misy anao ka ho Eglizy kely tokoa nyf ianakavianay. Amen

MomperaArsevka Benjamin Ramaroson